Mivavaha fara-faharatsiny ho an'ny firenena na Foko 5 samy hafa

1._____
2._____
3._____
4._____
5._____

- Mivavaha mba hisian'ny varavarana misokatra ho an'ny filazantsara. *Dia mivavaha koa ho anay, mba hamohan' Andriamanitra varavarana ho an'ny teny hilazanay ny zava-niafina izay an'i Kristy, fa izany no namatorana ahy.* *Kolosiana 4:3*
- *Mivavaha mba hampahiratra ny masony hialàny amin'ny maizina ho amin'ny mazava, ary amin'ny fahefan'i Satana ho amin'Andriamanitra, mba hahazoany famelan-keloka sy lova eo amin'izay nohamasinina noho ny finoana Ahy.* *Asa 26:18*
- Mivavaha mba ho potika ny toby famaharan'ny demonia izay mihazona ny olona ao amin'ny maizina. *Izay manota dia avy amin'ny devoly satria ny devoly manota hatramin'ny voalohany. Izao no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra dia ny handrava ny asan'ny devoly.* *1 John 3:8b*; *Fa tsy avy amin'ny nofo ny fiadian'ny tafikay , fa mahery amin'Andriamanitra handrava fiarovana mafy. Fa mandrava ny fisainana sy ny zavatra avo rehetra izay atsangana hanohitra ny fahalalana an'Andriamanitra izahay, ka mamabo ny hevitra rehetra hanaiky an'i Kristy.* *2 Korintiana 10:4-5*
- Mivavaha mba hahalalan'ny firenena fa Jesosy no Mpamonjy izay manavotra azy amin'ny ota. *Jesosy namaly hoe: "Izaho no Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana. Tsy misy mankany amin'ny Ray raha tsy amin'ny alalako."* *Jaona 14:6*
- Mivavaha mba hirotsahan'ny Fanahy Masina ao amin'ny fiangonana any amin'ireo firenena ireo. *Izaho dia manao batisa anareo amin'ny rano ho amin'ny fibebahana. Fa Ilay avy aoriako no mahery noho izaho, ka tsy mendrika hitondra ny kapany aza aho. Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo.* *Matio 3:11*

madagasikara@om.org
www.omafrica.org

OM MADAGASCAR

JERIGO MURE

Ny Fomba Fiasa Andrea

Ny zavatra voalohany nataon'i Andrea dia ny nitady an'i Simona rahalahiny... ary nitondra azy teo amin'i Jesosy.
(Jao.1:41-42)

Mivavaha ho an'ireo izay mbola tsy voavonjy sy ireo Kristiana hafa ary ny firenena samy hafa

Makà fara-faharatsiny 5-10 minitra isan'andro hitondrana am-bavaka ireo vahoaka sy firenena ireo eo amin'i Jesosy .

Mivavaha fara-faharatsiny ho an'ny Kristiana 7/ na mpitarika Kristiana fantatrao

1. _____
2. _____
3. _____
4. _____
5. _____
6. _____
7. _____

- Mivavaha hisian'ny fitahian'Andriamanitra eo amin'ny fiainan'izy ireo: *Hitahy anao anie Jehovah ka hiaro anao; Hampamirapiratra ny Tavany aminao anie Jehovah ka hamindra fo aminao; Hanandratra ny Tavany aminao anie Jehovah ka hanome anao fiadanana.* *Nomery 6:24-26*
- Mba ho arovan'Andriamanitra amin'ny ratsy izy ireo. *Fa mahatoky ny Tompo, Izay hampahery sy hiaro anareo tsy ho azon'ny ratsy.* *2 Tesaloniana 3:3*
- Mba hofenoin'Andriamanitra ny Fanahy Masina izy ireo. *Aza ho mamon-divay hianareo fa amin'izany dia misy fanaranam-po amin'ny ratsy. Fa aoka ho fenoina ny Fanahy.* Efesiana 5:18 sy ny fiasan'ny asa fanompoana Dimy ao amin'ny fiainan'izy ireo. *Ny Fanahin'ny Tompo hitoetra eo aminy: dia ny Fanahin'ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina, ny Fanahin'ny fanoloran-tsaina sy ny faherezana, ny Fanahin'ny fahalalana sy ny fahatahorana an'i Jehovah.* *Isaia.11:2*
- Hananana fiainana masina. *Satria voasoratra hoe: "Aoka ho masina hianareo satria masina Aho."* *1 Petera 1:16*
- Hahatonga azy ireo ho mpanarato olona. *"Andeha hanaraka Ahy," Hoy Jesosy fa "Hirahiko hanarato olona hianareo."* *Matio 4:19*
  Ny vokatry ny marina dia hazon'aina, ary ny hendry dia mahataona olona. *Ohabolana 11:30*
- Mba hahatonga azy ireo hikatsaka ny fanjakan'Andriamanitra aloha. F*a katsaho aloha ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany.* *Matio 6:33*
- Mivavaha mba hanomezan'Andriamanitra azy ireo fahatsorana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina, hiaina sy hijoro vavolombelona am-pahasahiana ho an'i Jesosy.
- Mba tsy ho olona niova fo fotsiny ny Kristiana, fa koa ho tena tonga mpianatr'i Kristy.
- Mba hitombo amin'ny fiainam-bavaka izy ireo.

Mivavaha fara-fahakeliny ho an'olona 7 mbola tsy voavonjy

1. _____
2. _____
3. _____
4. _____
5. _____
6. _____
7. _____

Ampiasao ireto Soratra Masina manaraka ireto rehefa mivavaka ho an'ny tsy mpino ianao:

- *Tsy avy hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota mba hibebaka.* *Lioka 5:32*
- *Ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany, araka izay ataon'ny sasany ho fahelany; fa mahari-po aminareo Izy ka tsy misy tiany ho very, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra.* *2 Petera 3:9*
- *Moa sitrako akory va ny fahafatesan'ny ratsy fanahy, hoy Jehovah Tompo, fa tsy ny hialàny amin'ny alehany, mba ho velona izy?"* *Ezekiela 18:23*
- *Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay.* *Jaona 3:16*
- *Izay tia ny olona hovonjena sy ho tonga amin'ny fahalalana ny marina. Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona, dia Jesosy Kristy , Izay olona, sady nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra, dia zavatra ho fitory amin'izao androny izao.* *1 Timoty 2:4-6*

Rehefa mivavaka ho an'ny tsy mpino ianao dia angataho ny Fanahy Masina hametraka ireto fanontaniana manaraka ireto ao am-pony: Iza no azoko itokiana? Inona no antony hahavelomako? Rahoviana aho no ho afaka? Inona no hitranga amiko aorian'ny fahafatesako? Nahoana aho no mankahala an'Andriamanitra ary maninona aho no mandositra manalavitra Azy ? Fomba ahoana no hiatrehako ny olana mahazo ahy? Aiza no toerana azo antoka tsy hahitako loza? Iza no afaka miaro ahy? Nahoana aho no tsy mahatokitoky ary moa misalasala ny amin'ny fisian'Andriamanitra ve aho? Iza no hanafaka ahy amin'ireo otako? *(Ireo fanontaniana ireo dia avy amin'ny bokin'i Dick Eastman "Ny ora izay manova izao tontolo izao.")*

Aza mivavaka miaraka amin'ny fangidiana na fitsaratsarana ao am-ponao. Mivavaha miaraka amin'ny fahalalana fa tonga ho an'ny tontolo very sy potika Jesosy.
Mahareta amin'ny vavaka.